Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

NY VAVAKA FANGATAHANA NATAON'I ABRAHAMA
(*L'INTERCESSION D'ABRAHAM*)
GENESISY 18. 18-33 –

Izany indray no lohahevitra iombonantsika FPMA anio Alarobia 5 Oktôbra 2016 amin'ny Fiaraha-mandinika Soratra Masina sy Fandalinam-pinoana, taorian'ny Fialan-tsasatra. Mandritra izao taom-pianarana vaovao 2016-2017 izao, ny foto-kevitra ankapobeny hiarahantsika mandalina moa dia nalaina tamin'izay voasoratry ny apôstôly Paoly, fijoroany ho vavolomlbelona ary tiana ampitaina amintsika Kristiana rehetra koa, hoe: «Fa tsy menatra ny Vaovao Mahafaly aho, satria io no herin'Andriamanitra ho famonjena izay rehetra mino, dia ny Jiosy aloha vao ny hafa firenena.» Romanina 1. 16. Niniavina namboarina kely ny fandaharana arahintsika, satria raha tokony ho ny Talen'ny SAP no manao ny fampianarana anio momba ny lohahevitra hoe «Ny Famonjena ao amin'ny Fanekem-pihavanana Taloha (Le salut dans l'Ancien Testament)», dia nomena ahy ny hanomboka avy hatrany momba ny Vavaka Fangatahana (intercession) nataon'i Abrahama. Ny asa rehetra ataontsika ato amin'ny Fiangonana dia fantantsika rehetra fa atomboka mandrakariva amin'ny Vavaka. Tato ho ato, ny lohahevitra voalahatra hodinihina eo anivon'ny Fiangonana Kristiana, araka ny Perikopa, dia saika manodidina ny finoana sy ny Asa fanirahana (Mission) omen'Andriamanitra ny mpino. Tamin'ny Alatsinainy hariva teo, tamin'ny fiaraha-mandinika Soratra Masina sy fiombonam-bavaka fanaonay ao amin'ny Birao Foibe tsy tapaka, dia niarahanay nandalina ny fifidianana arahin'andraikitra nataon'Andriamanitra ho an'ny Zanak'Isiraely, araka ny Eksodosy 19. 6, hoe «ianareo kosa dia ho fanjaka-mpisorona* ho Ahy, ho firenena voatokana hanompo Ahy». Antsoin'Andriamanitra ho fanjaka-mpisorona sy ho masina ny vahoaka nofidiny. Noraisin'ny apôstôly Petera koa io teny io ka nilazàny ny Fiangonana, isika Kristiana hoe: «Fa ianareo kosa dia taranaka voafidy, fanjaka-mpisorona, firenena masina, vahoaka natao ho fananan'Andriamanitra, mba hitory ireo asa lehibe vitan'Andriamanitra Izay niantso anareo hiala tamin'ny haizina ho any amin'ny fahazavana mahagaga. » 1 Petera 2. 9. Andraikitry ny Mpisorona ny ho mpanelanelana na masoivohon'Andriamanitra eo anatrehan'ny olona, ka mivavaka sy mangataka ho an'ny olona. Tsy mahavita izany andraikitra izany kanefa raha tsy masina, izany hoe voatokana, noavahana ary mitafy toetra manokana tsy itovizana amin'ny hafa. Vavolombelon'Andriamanitra eto amin'izao tontolo izao izy noho ny andraikitra nomen'Andriamanitra azy, ka Ilay Tompony sy inoany no mitarika azy, araka ny vavaka nataon'ny Tompo ho an'ny mpianany, hoe: «Tsy ny hanesoranao

azy amin'izao tontolo izao no ivavahako, fa ny hiarovanao azy amin'ilay Ratsy. Tsy naman'izao tontolo izao ireo, tahaka ny tsy maha naman'izao tontolo izao Ahy. Atokany ho Anao araka ny hafatra marim-pototra ireo: ny teninao no hafatra marim-pototra. Tahaka ny nanirahanao Ahy ho eo amin'izao tontolo izao no nanirahako azy ho eo amin'izao tontolo izao koa. Ho azy ireo no anokanako tena aminao, mba ho voatokana ho Anao araka ny hafatra marim-pototra koa ireo. Tsy ho an'ireto ihany no ivavahako, fa ho an'izay mino Ahy koa noho ny teniny. » Johany 17. 15-20. Tsy tokony hanome lanja zavatra hafa izay mahazo vahana be eo amin'ny fiainan'ny fiaraha-monina ka handany andro tafahoatra amin-javatra hafa ny Fiangonana, satria tsy Fikambanan'olona toy ny fikambanana tsotra rehetra izy akory, fa Vahoaka nofidin'Andriamanitra ary nomeny andraikitra ho vavolombelona, tsy maintsy mitory ny Vaovao Mahafaly hitarika ny olona ho amin'ny Famonjena ao amin'i Jesoa Kristy. «Ny Fiangonana tsy mitory ny Vaovao Mahafaly dia Fiangonana matory sy mijaly» (une Église qui n'est pas missionnaire est démissionnaire). Fa andraikitra tsy maintsy tanterahin'ny Fiangonana ihany koa ny mivavaka: tsy mangataka ho an'ny tenany fotsiny, fa mangataka ho an'ny hafa indrindra koa. Efa tokony hampieritreritra antsika sahady izany, fa firifiry amin'ny fangatahana ataontsika ao am-piangonana moa, (fa tsy vavaka manokana akory), no ho an'ny tenantsika fotsiny, ary mbola fahazaran-dratsy foana aza ny manahaka ny fomba fivavaky ny Fariseo, ka miverimberina foana rehefa mangataka isika, na miresaka amin'Andriamanitra, ny fitanisana ny hoe: "izaho" sy ny "ko".

Misy lesona lehibe raisintsika ny fivavahana nataon'i Abrahama hohalalinitsika anio. Mampianatra antsika ny momba an'Andriamanitra izany, ary manome marika antsika ny amin'ny tokony hataontsika koa eo anatrehan'Andriamanitra raha toa ka mahatsiaro fa tena olom-boafidiny sy vahoaka nohamasininy ho fanjaka-mpisorona isika. Ho hitantsika fa toy ny miady varotra mihitsy eo anatrehan'Andriamanitra i Abrahama. Tsy misy fanomezan-tsiny an'Andriamanitra mihitsy avy aminy, fa miharihary kokoa ny fahavononana hanaiky tanteraka ny sitrapon'Andriamanitra.

- Hitantsika voalohany eto amin'ity Vavaka fangatahana nataon'i Abrahama ity ny fivelaran'ny andraikitra nateraky ny fiantsoan'Andriamanitra azy (dimension universelle de sa mission, consécutive à sa vocation): «…hitahy anao Aho ka hampahalaza ny anaranao. Hanjary fitahiana ho an'ny hafa ianao.»Genesisy 12. 2. Tsy voafetran'ny toerana manokana i Abrahama rehefa mivavaka amin'Andriamanitra manao fangatahana ho an'ny hafa. Ao anatin'izany fiatrehany amin'ny vavaka izany ihany koa no hahatsapany sy hahatsiarovany ny fanatrehan'Andriamanitra azy mandrakariva. Akaiky azy Andriamanitra tompoiny sy inoany, ary tena sakaizan'Andriamanitra tokoa, vonona hankato kanefa miomana hatrany hifanatrika sy hifanakalo hevitra amin'Andriamanitra izy.
- Mampiseho amintsika koa ny Vavaka Fangatahana nataon'i Abrahama fa misy elanelana mandrakariva amin'ny zava-misy marina sy ny fanatanterahan'Andriamanitra ny fampanantenana efa nataony (une distance entre la réalité et la promesse de Dieu). Raha nivavaka mafy nangataka ny hamonjena an'i Sodoma noho ny mety ho fisian'ny olona marina ao i Abrahama, na dia ratsy toetra sy mpanota aza ireo mponina tao, dia manatanteraka tokoa izy amin'izany ny

fampanantenana efa nambara taminy fa «ho fitahiana ho an'ny hafa »izy. Fa tsara homarihina kosa kanefa, fa nialoha ny vavaka fangatahana nataon'i Abrahama dia efa nanana ny fandaharana nomaniny sy ny fanapahan-kevitra noraisiny Andriamanitra, dia ny handravana ny tanàna noho ny faharatsian'ny olona tao; saingy toa nisalasala Izy ary nanontany hoe « Moa hafeniko an'i Abrahama ve izay hataoko? Tsy maintsy ho tonga razamben'ny firenena lehibe sy matanjaka izy; ary amin'ny alalany no hitahiako ny firenena rehetra eto an-tany*. Nofidiko izy mba handidiany ireo zanany sy ny taranany hitandrina ny didiko ka hanao ny rariny sy ny hitsiny mba hotanterahiko amin'i Abrahama izay rehetra efa nampanantenaiko momba azy. » Genesisy 18. 17-19. Fa Andriamanitra ihany no naka ny finiavana hampahafantatra ny marina tamin'i Abrahama (c'est Dieu lui-même qui a pourtant pris l'initiative): « Betsaka ny fitarainana momba an'i Sodoma sy i Gomora; ary mavesatra loatra ny fahotany. Koa voatery hidina Aho mba hijery raha toa ka araka ny fitarainana tonga any amiko tokoa no nataony. Ho fantatro raha nanao izany rehetra izany izy na tsia»Genesisy 18. 20-21. Tsy hoe tsy mahafantatra ny zava-misy akory Andriamanitra, fa finiavany ny nanaiky hidina hifandray amin'ny olombelona, ka niainga avy tamin'izany asan'Andriamanitra izany no nanomboka ny fangatahan'i Abrahama. Azon'Andriamanitra natao ny nanatanteraka avy hatrany ny efa nokasainy, kanefa nanaiky hifampiraharaha tamin'i Abrahama Izy, vonona ny hihaino azy ary nanome azy fahafahana feno hahatakatra sy ho resy lahatra manoloana ny fahamarinan'ny fanapahan-kevitra raisin'Andriamanitra. Toa manome lesona antsika koa eto ny Vavaka Fangatahana nataon'i Abrahama fa azo atao tsara ny «miady varotra» amin'Andriamanitra. Mbola hojerentsika akaiky ny momba an'Andriamanitra, sy ny toetra nampiavaka an'i Abrahama, araka ity teksta momba ny Vavaka fangatahana nataon'i Abrahama ity. Andriamanitra mandinika, mihaino, mandray sy mamakafaka ny fehin-kevitra mety aroson'ny mino (prendre en considération les arguments des croyants dans la prière) kanefa tsy miala amin'ny fahitsiana sy ny fahamarinany. Hoy ny resaka nifanaovan'i Abrahama taminy eo amin'ny fanombohan'ny vavaka, hoe: «Raha hovonoinao miaraka amin'ny meloka ny marina, dia hitovy ny marina sy ny meloka. Sanatria Anao izany! Ianao Izay mpitsara ny tany tontolo ve no tsy hitandro ny rariny.» Genesisy 18. 25.

➢ Mampiavaka loatra ny vavaka fangatahana nataon'i Abrahama ireto manaraka ireto: 1. Tsy nangataka ho an'ny tenany i Abrahama fa ho an'ny hafa; 2. Nifikirany ny fampanantenana nataon'Andriamanitra ka nankininy tamin'ny fahamendrehana araka an'Andriamanitra izany fa tsy araka ny fisainan'ny olona. Toa «manery an'Andriamanitra hiasa araka ny maha-Izy Azy i Abrahama», ka satria marina Andriamanitra dia tokony hitsara araka ny fahamarinana (Abraham semble forcer Dieu à agir en conformité avec ce qu'Il est: Il doit agir avec justice parce qu'Il est juste). Fa indrindra, hita taratra ny fanetrentena tao aminy. Ambarany eo amin'ny and. 27 fa «-Miangavy re, Tompo o, fa mbola sahy hiteny aminao ihany aho, na dia vovoka sy lavenona aza. »

I.- **TSARA HO FANTANTSIKA MANDRAKARIVA ANDRIAMANITRA IZAY IVAVAHANTSIKA**.

Efa nahafantatra an'Andriamanitra Abrahama vao nivavaka taminy. Tsy vavaka ateraky ny tahotra, tahaka izay nataon'ireo mponina tao Atena fandrao mahazo tsiny amin'ny andriamanitra tokony hivavahany kanefa tsy voatonony, koa nampianarin'i Paoly taminy ny momba Azy: «Ho an'ilay Andriamanitra tsy fantatra. Ka izany tsy fantatrareo izany, kanefa ivavahanareo, no ambarako aminareo » Asan'ny apôstôly 17. 23, fa Vavaka fangatahana amin'Andriamanitra fantatra sy azo itokiana satria Mahatoky (cf. 1 Korintianina 1. 9). Mahalala tsara ny toetra ratsy sy ny fahotan'ny olombelona Andriamanitra, ary ireto manaraka ireo no azo lazaina raha jerena akaiky izay nasehony teo anoloan'i Abrahama:

- Manadihady marina Andriamanitra vao manapa-kevitra amin'izay hataony;
- Vonon-kihaino ka tsy manao tsinontsinona mihitsy ny vavaka akarin'ny olona mino hankeo Aminy Izy;
- Na dia olona tokana, na olom-bitsy foana aza, dia afaka hanampy ny maro handray famonjena na hahazo ny famindrampon'Andriamanitra rehefa fantatr'Andriamanitra fa mendrika izany izay hanaovana fangatahana eo Aminy;
- Mangataka isika olombelona, fa tsy voatery mihitsy ho araka ny faniriantsika ny valim-bavaka omen'Andriamanitra antsika.

II.- **IRETO KOSA NY LESONA RAISINTSIKA AVY AMIN'I ABRAHAMA TAO ANATIN'NY VAVAKA FANGATAHANA NATAONY.**

- Tsy mba mianahana mihitsy Abrahama fa mahazo antoka ny amin'ny hihainoan'Andriamanitra azy ka sahy niatrika an'Andriamanitra tamin'ny Vavaka Fangatahana nataony (Abraham est confiant dans son attittude). Sahy nivavaka izy satria ninoany fa nanatrika azy teo Andriamanitra: «ny TOMPO kosa mbola nijanona niaraka tamin'i Abrahama» and. 22
- Tsy mihodinkodina fa mazava tsara ny votoatin'ny Vavaka Fangatahana nataony: tsy nangataka manokana ho an'i Lota zana-drahalahiny akory i Abrahama, fa ho an'i Sodoma mba hamindran'Andriamanitra fo ka tsy horavana ny tanàna noho ny olo-marina misy ao. Cf. and. 23-25.
- Tsy niainga tamin'ny heviny manokana mihitsy Abrahama raha nanao ny Vavaka Fangatahana, fa Andriamanitra araka ny fahafantarany ny toetrany no niezahany horesena lahatra teo amin'ny fangatahana nataony (Abraham s'appuie particulièrement sur le caractère de Dieu tel qu'il le connaît, et non sur ses arguments personnels). Nasongadin'i Abrahama ny fahafantarany an'Andriamanitra, araka izay efa nolazaintsika tetsy aloha: «Raha hovonoinao miaraka amin'ny meloka ny marina, dia hitovy ny marina sy ny meloka. **Sanatria Anao izany**! **Ianao Izay mpitsara ny tany tontolo ve no tsy hitandro ny rariny**.» Genesisy 18. 25-26.
- Nanetry tena teo anatrehan'Andriamanitra ary niaiky ny tsy fahamendrehany akory raha hiresaka amin'Andriamanitra izy, kanefa fantany fa Andriamanitra hamindra fo aminy. Hainy ny nampiato ny fangatahany rehefa fantany fa tsy mifanaraka amin'ny sitrapon'Andriamanitra Izay mahalala marina mihoatra noho izy izany: « Miangavy re, Tompo o, fa mbola sahy hiteny aminao ihany aho, na dia vovoka sy lavenona aza. … Rehefa nahavita ny resaka nataony tamin'i Abrahama ny TOMPO, dia lasa; fa i Abrahama kosa niverina any amin'ny fonenany » Genesisy 18. 27,33.

Mampahatsiaro ny fanamarihana nataon’ny Tompo tamin’i Jeremia mpaminany ny niafaran’ny dinika nifanaovan’Andriamanitra tamn’i Abrahama. Mamindra fo tokoa Andriamanitra ary marina Izy. Araka ny nambaran’i Abrahama dia ilay hoe «Raha hovonoinao miaraka amin'ny meloka ny marina, dia hitovy ny marina sy ny meloka. Sanatria Anao izany! Ianao Izay mpitsara ny tany tontolo ve no tsy hitandro ny rariny.». Mihaino vavaka sy mamaly ny Fangatahana araka ny ataon’ny mpanompony mahatoky eo anatrehany tokoa Andriamanitra. Kanefa, noho ny fahamarinany dia manatanteraka fitsarana marina araka ny fandaharany Izy. Horavana Sosoma sy Gomora, fa namindran’Andriamanitra fo ary novonjeny Lota sy ny ankohonany izay nankato Azy. Tao Jerosalema dia nambaran’ny Tompo tamin’ny mpaminany Jeremia hoe: «Mandehana mivezivezy eny an-dalamben'i Jerosalema ianareo; dia jereo tsara sy hadihadio, tadiavo eny amin'ny toera-malalaka raha mahita olona anankiray manao ny mahitsy sy ny rariny ianareo; fa raha mahita anankiray monja ianareo dia havelako ny helok'i Jerosalema.» Jeremia 5. 1.

Raha nampianatra Jesoa Kristy ny amin’ny tokony hananana faharetana amin’ny Vavaka fangatahana, ka nanao fanoharana Izy ny amin’ilay vehivavy nitaraina mafy mba hahazo rariny avy tamin’ny mpitsara efa fantatra fa tsy marina, dia hoy ny Tompo: « Ary hoy ny Tompo: Henoy kely ny ambaran'ilay mpitsara ratsy fanahy! Ka dia Andriamanitra indray ve no tsy hanome rariny ny olom-boafidiny mitaraina andro aman'alina aminy? Ary hampiandry lava azy ireo ve Izy? Lazaiko aminareo fa hanome rariny azy faingana Andriamanitra. Kanefa rahatrizay tonga ny Zanak'olona, moa hahita finoana eto an-tany ve Izy?» Lioka 18. 6-8. Ao anatin’izany tenin’ny Tompo izany no amehezantsika ny lesona tsoahina avy amin’ity Vavaka Fangatahana nataon’i Abrahama ity. **Tsy tokony hanamaivana na oviana na oviana ny Vavaka Fangatahana isika, satria andraikitra nomen’Andriamanitra ny mpino ny hangataka ho an’ny hafa, na dia ho an’ny fahavalo aza** (Matio 5. 44; Lioka 6. 28). Hoy ny anatra raisintsika ihany koa ao amin’ny Epistily nosoratan’i Joda, hoe: «Ianareo kosa, ry hava-malala, ataovy izay handrosoanareo amin'ny finoana masina indrindra efa anananareo, ka mivavaha omban'ny herin'ny Fanahy Masina; mitahiriza tena ao amin'ny fitiavan'Andriamanitra, ka mahandrasa ny famindrampon'i Jesoa Kristy Tompontsika hahazoanareo fiaina-maharitra mandrakizay. Reseo lahatra ny sasany izay miahanahana; ny sasany indray, sariho ho afaka amin'ny afo no famonjy azy; ary ny sasany kosa amindrao fo, saingy mitandrema tsara ka ankahalao na dia ny akanjo voaloton'ny maha olona mpanota azy aza. Ho an'Andriamanitra tokana anie ny voninahitra! Fa Izy no mahay miaro anareo tsy ho solafaka amin'ny fahotana, Izy no mahay mampijoro anareo tsy hanan-tsiny ka haheni-karavoana anareo eo anoloan'ny voninahiny; Izy no Mpamonjy antsika amin'ny alalan'i Jesoa Kristy Tompontsika. Eny, ho an'Andriamanitra tokana anie ny voninahitra sy ny laza ary ny fanjakana sy ny fahefana hatramy talohan'ny taona rehetra sy ankehitriny ary mandrakizay! Amen.» Joda, and. 20-25

Brétigny-sur-Orge, 5 Oktôbra 2016

Rev. Dr Jean A. RAVALITERA, Filohan'ny FPMA